izay ao amin'i Kristy Jesosy, Izay nasehon'Andriamanitra tamin'ny rany ho fanavotana [*fanatitra fampiononam-pahatezerana*] *amin'ny finoana"* (Romana 3. 24).

Andriamanitra irery, Izay nanotanao, **no afaka manafaka anao** amin'ny enta-mavesatra sy ny sazin'ny fahotanao. Raha mibebaka amin'ny fahotanao ianao, dia omeny ny famonjeny.

Mangataha famelan-keloka Aminy ary meteza handray ny tombontsoa vokatry ny sorona nataon'i Jesosy, Izay maty ho anao mba handoavany ny trosa goavana mitambesatra aminao noho ny otanao. Raha manao izany ianao, ny ran'i Jesosy nalatsaka teo amin'ny hazofijaliana no hanadio anao amin'ny fahotanao rehetra, araka ny voasoratra hoe : *"Ny ran'i Jesosy Zanany no manadio antsika ho afaka amin'ny ota rehetra"* (1 Jaona 1. 7).

Andriamanitra hanome anao, eo no ho eo, ny famelan-kelony, satria ny ran'i Jesosy Kristy izay nalatsaka teo amin'ny hazofijaliana dia ankasitrahin'Andriamanitra, ka raisiny ianao.

Ary homeny anao ny fiainana avy any ambony, ka ho tonga zanany ianao. Koa dia hanana fihavanana amin'Andriamanitra amin'izay ianao : *"Satria efa nohamarinina tamin'ny finoana isika, dia aoka isika hanana fihavanana amin'Andriamanitra amin'ny alalan'i Jesosy Kristy Tompontsika. Tamin'ny alalany koa no efa nahazoantsika fanatonana amin'ny finoana ho amin'izao fahasoavana itoerantsika izao"* (Romana 5. 1-2).

Io fihavanana io no hameno ny banga ao anatinao. Na mbola tsy mivaha aza ny olana ara-bola, ara-panambadiana, ny disadisa, ny maha irery anao..., fantaro fa ny tena olanao dia ho voavaha: ho voavonjy amin'ny helo ianao ary hanana ny fiainana mandrakizay.

Raha takatrao fa ny ota ao anatinao no loharano ipoiran'ny olanao, manatòna an'i Jesosy Izay te hamonjy anao sy hanome fitsaharana anao.

"Fa efa tonga ny Zanak'olona hitady sy hamonjy ny very" (Lioka 19. 10).

Hoy Jesosy : *"Izay manatona Ahy dia tsy mba holaviko mihitsy"* (Jaona 6. 37).

Bibliothèque chrétienne Madagascar
email : bibliothequechretienne@gmail.com
Antananarivo – Tél. : 033 15 552 35
Librairie Ny Mpamafy – Tél. : 034 14 552 35

Antsirabe – Tél. : 033 16 552 35
Tölagnaro – Tél. : 033 21 236 44
Toamasina – Tél. : 033 06 655 30

EBLC

Avy aiza ireo OLANAO?

French title : « Nos problèmes : quelle est leur origine ? » - Fren
29.05.13 16:24

Manontany tena matetika ny amin'ny antony mampisy ny olana eo aminao ianao, ary hitanao fa **misy banga** tsy hay hazavaina eo amin'ny fiainanao.

Ny fitaizana tsara azonao, ireo harenanao dia tsy mamafa ny olanao fa vao mainka mampiharihary izany, eny fa na dia afeninao amin'ireo manodidina anao aza izany.

Ka na mahantra ianao na mpanankarena, dia mahatsapa fahabangana.

Henoy àry ilay feo anaty izay mamerimberina aminao hoe: "Misy zavatra tsy ampy ao aminao".

INONA NO TENA ANTON'NY OLANAO?

Ireo olanao dia fambara hita maso mitory aretina lalina kokoa: **ny ota miafina ao anatinao**, izay miseho amin'ny fanoherana an'Andriamanitra sy ny sitrapony.

Mifanipaka ny sitrapon'Andriamanitra sy ny sitraponao.

Ny Baiboly dia milaza fa ny sitrapon'Andriamanitra dia *"tsara sady ankasitrahina no marina"* (Romana 12. 2).

Ianao anefa olombelona ihany; ny sitraponao dia tsy tsara sady tsy ankasitrahina no tsy marina, eo imason'Andriamanitra!

Nahoana? *"Satria fandrafiana an'Andriamanitra ny fihevitry ny nofo; fa tsy manaiky ny lalànan'Andriamanitra izy, sady tsy hainy akory izany"* (Romana 8. 7).

Noho izany, manapaka anao ny ota, ary miseho amin'ny alalan'ny asan'ny nofo, dia ny *"fijangajangana, fahalotoana, fijejojejoana, fanompoan-tsampy, fanaovana ody ratsy, fandrafiana, fifandirana, ady lahy, fiafonafonana, fifampiandaniana, fisarahana, fitokoana, fialonana, fahamamoana, filalaovan-dratsy, ary ny toy izany"* (Galatiana 5. 19-21).

Fantaro fa maniratsira an'Andriamanitra ny ota ao anatinao, ary: *"izay afafin'ny olona no hojinjainy"* (Galatiana 6. 7).

Fa vao mainka loza: "*Izay diso... mampidi-doza amin'ny fanahiny*" (Ohabolana 8. 36). **Fantaro fa hitondra ny voka-dratsin'ny ota eo aminao ianao etỳ an-tany, sy any ankoatra.**

Tsy hamaha ireo olanao ny fahafatesana.

Hoy ny Tenin'Andriamanitra: *"Fa ny osa sy ny tsy mino sy ny vetaveta sy ny mpamono olona sy ny mpijangajanga sy ny mpanao ody ratsy sy ny mpanompo sampy ary ny mpandainga rehetra dia hanana ny anjarany ao anatin'ny farihy mirehitra afo sy solifara; izany no fahafatesana faharoa"* (Apokalypsy 21. 8). Izany no miandry izay tsy nibebaka tamin'ny fahotany dieny izy tetỳ antany. Amin'ny andron'ny fitsarana izy dia hatsipy ao anatin'ny **farihy mirehitra afo sy solifara**.

TSY MAHAVONJY TENA IANAO

TSIA, tsy hanokatra ny varavaran'ny lanitra ho anao ny fiantranao, ny fitiavam-bavaka asehonao etỳ ivelany, ny maha mpikambana anao ao amina fiangonana iray, na ny maha mpiandry, na diakona, na loholona anao.

TSIA, tsy hahavonjy anao ny batisa, ny asa soa ataonao, ny fitondrantenanao tsara, na ny fiavianao, hoe avo razana na fianakaviana kristiana: *"Tsy misy marina na dia iray akory aza"* (Romana 3. 10). Ary *"Tsy misy nofo hohamarinina amin'ny asan'ny lalàna eo anatrehany* (anatrehan'Andriamanitra)... *fa samy efa nanota izy rehetra ka tsy manana ny voninahitra avy amin'Andriamanitra"* (Romana 3. 20, 23).

Jesosy no hany fanafody hanadio anao amin'ny fahotanao ary hampihavana anao amin'Andriamanitra.

Izay manaiky ao am-pony an'i Jesosy Zanak'Andriamanitra no *"hamarinina maimaimpoana amin'ny fahasoavany... noho ny fanavotana* [*fividianana indray*]